MALAGASY

Baccalauréat de l'enseignement général
Madagascar
Session 2004

MALAGASY – SÉRIE : A

N.B. : - Tsy maintsy atao ny laza adina I.
- Isafidianana ny laza adina II.

LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao (isa 6)

Fanontaniana :

1°) Milazà lafin-javatra telo mampiseho ny maha-kanto ny tononkalo. (isa 3)

2°) Inona no atao hoe anjara eo amin' ny foto-pisainana malagasy ? (isa 1)

Inona avy ny karazany raha ny loharano nipoirany no jerena ? (isa 2)

LAZA ADINA II : Isafidianana ny A sy B (isa 14)

A - Famakafakan- kevitra

Misy fombam-pitenenana manao hoe : "Aza mimenomenona amin'ny anjara fa tsy olombelona no tompon'ny lahatra".

Fakafakao sy tsikerao izany.

B – <u>Fanadihadiana lahatsoratra</u>

"Ny mpanoratra dia mpanabe sady mpampianatra ; noho izany, tompon'andraikitra amin'ny fanolokoloana ny sain'ny malagasy izy. Koa mampahatsiahy azy ireo izahay hoe : Efa mba voafaritrao poeta, ianao mpanoratra ve ny sakafon-tsaina natolotrao ny malagasy ? Mba efa nojerenao akaiky ve ity toe-tsaina vangavanga iainan'ny malagasy ankehitriny ity ? Anananao andraikitra izany.

Zava-bahiny tsy antonona ny toe-batany no nasainao nateliny ka nankarary ny ambavafony, ianao anefa tsy mety hitrandraka zava-malagasy mampangetaheta azy.

Impiry ianao no mieritreritra fa ny tsy fahaizana mandanjalanja avy aminao no mety mamorika ny sain'ny malagasy izay efa miharatsy rahateo ?

Ianao poeta, ianao mpanoratra, làlana mankaiza no hisarihanao ny sain'ny malagasy ? Ianao no mpitari-dàlana ka tsy ny fanafoanana izay efa tsara akory ny fanagasiana, fa ny fanandratana izay maha malagasy eo amin'ny toerana avo…"

RANOE, Fifandraisana Sekoly FJKM n° 2 -<u>Fihavanana</u>

Hadihadio.